



INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



FAMINTINANA IREO VAOVAO NISONGADINA NANDRITRA NY HERINANDRO TETO ANTANANARIVO SY TANY AMIN'NY FARITRA 6 – 12 MEY 2016

Ity tatitra ity dia famintinana amin'ny teny malagasy ireo tsara homarihina mikasika ny fomba iresahan'ireo mpanao gazety any amin'ny faritra ireo vaovao nanamarika ny herinandro. Natao indrindra izany mba hahafahana mamantatra raha anisan'ireo izay mikendry ny fametrahana ny fampihavanana na kosa amin'ireo izay mandrangitra fikorontanana ny mpanao gazety, ka amin'ny alalan'ny fomba fiteniny sy ny fomba fiasany no amaritana izany. Ity tatitra ity ihany koa dia manampy amin'ny fanarahana akaiky ireo endrika korontana samihafa manerana ny nosy taterin'ny haino vaky jery.

MATOAM-BAOVAO

FANDALOVAN'NY SEKRETERA JENERALIN'NY FIRENENA MIKAMBANA TETO MADAGASIKARA, NIFANINDRAN-DALANA TAMIN'NY FITOKONANA SAMIHafa

Nandalo nitsidika an'i Madagasikara ny Sekretera Jeneralin'ny Firenena Mikambana ny 10 sy 11 mey lasa teo. Nihaona tamin'ireo filohana andrim-panjakana samihafa izy nandritra izany fandalovany izany, toa ny Filohampirenena, ny filohan'ny Antenimieram-pirenena sy ny filohan'ny Antenimieran-doholona, teo ihany koa ireo masoivoho miasa sy monina eto Madagasikara, ireo mpiara-miombon'antoka, ireo solotenan'ny firaisamonim-pirenena ary ny avy amin'ny sehatra tsy miankina. Tsy nanafina ny ahiahiny manoloana ny zava-misy sy iainana eto amin'ny firenena Andriamatoa Ban Ki-Moon. Anisan'ny nomarihiny manokana ny fahantrana lalina mianjady amin'ny ankamaroan'ny Malagasy, ny tahan'ny fivoaran'ny toekarena ambany dia ambany, ny fahabetsahan'ireo olona tsy an'asa, ny tsy fahatomombanan'ny fampianarana sy ny fahazoana rano fisotro madio. Niantso ny mpitondra handray andraikitra sy hanamafy ny ezaka efa natomboka izy raha nandray fitenenana nanoloana ireo mpikambana ao amin'ny Antenimiera roa. Nifanindry indrindra tamina vanimpotoana mafanafana teto amin'ny firenena koa moa ity fitsidihan'Andriamatoa Ban Ki-Moon ity, satria tao anatin'ny fotoana nihetsehan'ny fitokonana tetsy sy teroa. Nanararaotra niantso ireo mpitokona ny Praiminisitra Olivier Solonandrasana Mahafaly : “Avelao hiasa ny governemanta ary aoka mba tsy hosasana imasom-bahoaka ny lamba malotontsika.” Tsy nanakana ireo sendika 13 avy ao amin'ny ministeran'ny Fanabezam-pirenena tsy hitokona anefa izany ny 9 mey teo. Mitaky ny handoavana ny tambikaramany, ny karaman'ireo mpampianatra FRAM ary ny fanatsarana ny tontolon'ny asany izy ireo. Io andro io ihany dia nitokona mandritra ny fotoana tsy voafetra ihany koa ireo mpitsirik'asa rehetra manerana ny nosy. Izy ireto kosa dia mangataka ny famerenana ny sampan-draharahany ho eo anivon'ny ministeran'ny Asam-panjakana, sampana Asa sy Lalàna Sosialy, amin'ny alalana didim-panjakana. Ny andro nigadonan'ny Sekretera Jeneralin'ny Firenena Mikambana teto an-

Leader du Consortium

Membres du Consortium





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



toerana kosa no nikasa hamory ireo mpikambana ao aminy tetsy Mahamasina ny vovonana Afo Sendikaly. Ankoatr'izay dia nandeha ihany koa ny resaka fa nitokona nanomboka ny 11 mey lasa teo ny ampahany amin'ny mpiasan'ny Air Madagascar. Nanatevin-daharana ireo efa-dahy mitokona efa ho herinandro maromaro izy ireo, ka mitsipaka ny tsy fanajana ny zon'ny mpiasa sy ny tsy fisian'ny tamberin'andraikitra, fa eo ihany koa ny tsy fisian'ny fangaraharana amin'ny fitantanana ny orinasa. Ankoatr'izay dia efa nampitandrina ihany koa ireo mpitsabo mpanampy fa hitokona raha tsy voavalin'ny mpitondra ireo fitakiana efa nataon'izy ireo nandritra ny fotoana maro.

Nanterin'ny **FREE FM** fa hanamarika ny herinandro ny karazana fitokonana samihafa. Na eo aza ireo teny natsipin'ny Praiminisitra, hoy ity onjam-peo ity, dia antenaina fa tsy hahasakana ny Sekretera Jeneralin'ny Firenena Mikambana tsy hahita ny tena zava-misy marina izany. Ny haino aman-jery rahateo manaraka akaiky ireo fitokonana sy hetsika misy, indrindra ny an'ireo sendikan'ny ministeran'ny Fanabeazam-pirenena. Somary mampanahy ihany ny **RADIO ANTSIVA** raha nilaza fa mety hisy fiantraikany amin'ny fanadinampanjakana ity fitokonana ity. Niezaka ny tsy hitanila kosa ny **TV PLUS**, ka nafantony tamin'ny fizarazarana misy eo amin'ny mpitokona ilay tranga. Voalohany dia nampita ny fitokonana teo Anosy ity fahitalavitra ity, ary taorin'izay kosa ny famoriana mpanao gazety nataon'ireo mpitarika sendika sasantsasany izay nanapa-kevitra hampiato ny fitokonana noho ny nananganana komity napetraka hisahana ny famahana ny olana. Nanaraka ny tenin'ny Praiminisitra kosa ny **RNM** ka niezaka nampitony ny toe-draharaha. Tamin'izany no nanomezany fitenena ny mpampianatra avy any amin'ny faritra Atsinanana, izay nanameloka ny fitokonana sy nilaza fa ny mpianatra ihany no voa amin'izany. Toa nanaraka izany ihany koa ny **RADIO ANTSIVA** raha nampita ny fampanantenana nataon'ny minisitra Paul Rabary fa efa eo an-dalam-pamahana ireo olan'ny mpitokona ireo. Tetsy andaniny dia nasian'ny **KOLO TV** resaka ny amin'ireo tsaho miely fa nikasa hitsena an'Andriamatoa Ban Ki-Moon ny sendikan'ny mpiasa. Raha nanontaniana ny mikasika izany moa ny solombavambahoaka voafidy tao Matsiatra Ambony, Nome Zaranaina dia nilaza fa zon'ireo mpiasa izany, fa kosa aoka mba tsy hisy ny fihooaram-pefy. Ny **TVM** kosa dia nanamafy fa porofo izao fitsidihana izao fa manaiky ny fitondrana mijoro ankehitriny ny Firenena Mikambana.

POLITIKA ANATINY

NANDALO TENY AMIN'NY ANTENIMIERAM-PIRENENA NY POLITIKAN'NY FITONDRAM-PANJAKANA

“Ny tena politika dia ilay mifototra amin'ny fampandrosoana”, io no tenin'ny Praiminisitra lehiben'ny governemanta raha nampahafantatra ny Politikan'ny Fitondram-panjakana nanoloana ireo loholona sy solombavambahoaka ny 9 mey lasa teo. Vaindohan-draharaha ao

Leader du Consortium

Membres du Consortium





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



anatin'ily antontan-kevitra ny ady amin'ny kolikoly, ny fanatsarana ny lafiny fampianarana sy ny fahasalamana ho an'ny rehetra, ny fanarenana ny toekarena, ny fanatsarana ny tontolon'ny fandraharahana, ary ny fampivoarana ny tontolo ambanivohitra. Nilaza ihany koa Andriamatoa Olivier Solonandrasana Mahafaly fa efa vonona tsara ny ekipany hanatanteraka ireo tanjona ary sy hamerina ny fitokisan'ny mpamatsy vola. Farany dia nanipika izy fa hisy ny tombana hatao isaky ny minisitera tsirairay.

*Niresaka betsaka ny fanolorana ny tetikasa nanoloana ny Fahefana mpanao lalàna ny haino aman-jerim-panjakana. Nampita mivantana ny fihaonana teo amin'ny governemanta sy ny solombavambahoaka ny **RNM**. Ary dia nalefany iray manontolo ny fampahafantarana ny votoatin'ily politikan'ny fitondram-panjakana. Toa somary mamaly ny andrasana tokoa ilay tetikasan'ny fitondram-panjakana ho an'ny **FREE FM**. Mialoha ny fanolorana azy dia efa niteny ity onjam-peo ity fa tokony hihevitra ny ady amin'ny firongatry ny asan-jiolahy, sy ny fanarenana ny toe-karena ilay tetikasan'ny fitondram-panjakana. Notsindriany ihany koa ny ady amin'ny fanondranana an-tsokosoko ny harem-pirenena sy ny famongorana ny kolikoly. Nampita ny fahadisoam-panantenan'ireo solombavambahoaka sasany kosa ny **KOLO TV**. Nilaza ho tsy resy lahatra tokoa mantsy ny sasany tamin'izy ireo. Anisan'izany ny solombavambahoaka voafidy tao Analalava, Djaosera Irénée, izay naneho ny alahelony fa tsy mba nisy firesahana ny faritra Sofia mihitsy tao anatin'ily antontan-kevitra. Niezaka nanome fomba fijery roa samy hafa ny **TV PLUS**, ka naka ny hevitra ny loholon'i Madagasikara, Riana Andriamandavy sy ny ministra teo aloha avy amin'ny Tiako I Madagasikara, Olga Ramalason, izay nangataka ny hamaritan'ny governemanta ny tetiandro mifanaraka amin'ireo tetikasa natolotra ireo.*

FIARAHA-MIASA AMIN'NY ANY IVELANY

FANAMARIHANA NY HERINANDRON'NY EROPA: MARO IREO HETSIKA NOKARAKARAINA

Ny 6 mey lasa teo no nanomboka ny fanamarihana ny herinandron'ny Eropa i Madagasikara ka vela-kevitra narahina adihevitra nokarakarain'ny "Centre d'Etudes Diplomatiques et Stratégiques" (CEDS) no nanombohana izany. Nifantohan'ny resaka ny manodidina ny endrim-piaraha-miasan'i Madagasikara sy ny Vondrona Eropeanina. Ankoatr'izay dia nisy ireo famelabelaran-kevitra samihafa, ny fandefasana horonan-tsary, ny fampisehoana an-tsehatra, ary ny fampiratiana ireo fandaharan'asa sy tetik'asa vatsian'ny Vondrona vola. Nifarana ny 13 mey ny fanamarihana. Tao anatin'izany indrindra dia nisy ny adihevitra nokarakarain'ny Vondrona Eropeanina sy ny Tetik'asa « Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix, Leadership et Stabilité » (INCIPALS) tao amin'ny Ivo Toeran'ny Kolotsaina Malagasy tao Antsahavola, ny 11 mey. Ny lohahevitra tamin'izany dia hoe "Ny

Leader du Consortium

Membres du Consortium





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



Maha olom-pirenena sy ny Tambazotra Sosialy: ireo tombony sy fetrany ary ireo Vina.” Nizara ny heviny tamin’io fihaonana io ka nanaingana ny adihevitra i Mialisoa Randriamampianina avy ao amin’ny Wake Up Madagascar ; Léa Ratsiazo, mpanao gazety an-tranokala ; Ony Rambelo, Mpanao Gazety an-tsoratra sy am-bava ; Guy Rivo Randrianarisoa, Solombavambahoakan’i Madagasikara, Tsilavina Ralaindimby, Talen’ny Serasera eo anivon’ny Fiadidiana ny Repoblika ary Yvan Fabius, mpandrindra ny Vondrona an-tranokala “Ino Maresaka à Tamatave”.

Niresaka ny momba ny fiaraha-miasan’i Madagasikara sy ny Vondrona Eropeanina izay efa naharitra 66 taona ny TVM. Ny toekarena sy ny sosialy no tena ifantohan’ny fiaraha-miasa. Niresaka ihany koa izy ny mikasika ilay vela-kevitra nitondra ny lohahevitra hoe “Ahoana ny mety ho endriky ny fiaraha-miasan’i Madagasikara sy ny Vondrona Eropeanina manoloana ny Tranga misy ankehitriny?”, notanterahina tao amin’ny gara Soarano. Nitondra vaovao momba an’io hetsika io ihany koa ny TV PLUS, ka nampita ny kabarin’ny Ambasadaoron’ny Vondrona Eropeanina miasa eto Madagasikara, izay nifantoka tamin’ny maha zava-dehibe ny firesahana ny tontolon’ny fandraharahana sy ny fampiasam-bola eto Madagasikara.

Responsables de l’Unité de Monitoring des Médias :

Tiaray RANDRIAMALALA: tiaray.randriamalala@eces.eu

Mirana RAZAFINDRAZAKA: mirana.razafindrazaka@eces.eu

Site web: www.incipals.eu

Leader du Consortium

Membres du Consortium

